POLISIM-PIRENENA

Maro ireo taxibe tsy nanaraka fepetra ara-pahasalamana tratra

Maro ireo taxibe tsy nanaraka fepetra ara-pahasalamana tratran'ny polisim-pirenena omaly, amin'ny ady amin'ny valanaretina coronavirus. Hatramin'ny 8ora 30 maraina teo dia niisa 20 sahady ireo taxibe tratran'ny Polisy tsy nanaraka ny fepetra napetraka, hiarovana ny olom-pirenena amin'ny fiparitahin'ilay valan'aretina covid-19. Ny tsy fanaovana "Visière" moa no tena hita fa maro tsy manara-dalàna, ka voatery nampidinina avokoa ireo mpandeha tao anatiny ary nasaina nanaraka ny fepetra ireo taxibe tsy nanao izany vao afaka miasa indray. Noentanina mba hanaraka ny lamina napetraka ihany koa ny mpamily sy ny mpanampy azy, ho fiarovana azy ireo sy ny mpandeha izay hoentiny . Voalaza fa ny fiara iombonana no anisan'ny fitaovana iray manaparitaka haingana ilay valan'aretina, noho izany dia mila mitandrina sy manaja ny fepetra izy ireo ho tombontsoan'ny besinimaro, rehefa nomena ny fahazoan-dalàna hiasa indray.

Polisy nanara-maso ireo fiara mpitatitra omaly.

Niaina

Fitsaboana nentim-paharazana

Tsy marina ny filazana fa tsy manana fanafody fitsaboana ny FITRAMA

Fanosoram-potaka sy fihantsiana ny fanambarana nataon' i Dokotera Rakotondranaivo Jean Pierre (Mpikambanateo taloha), fa tsy mamokatra fanafody, ahafahana mitsabo olona ny Orin'asa Fitrama, izaytarihin'Andriamatoa Rafanomezantsoa Jean Nirina. Nanohy nanazava ity farany fa mifampiraharaha mazava amin'ny tompon'ny Milina mpamokatra fanafody any Farafangana ny Orin'asa Fitrama ary taterina miakatra aty an-drenivohitra izany rehetra izany ary miafara amin'ny "mise en bouteille", ao amin'ny Foibe Fitrama, etsy 67 Ha, no sady aparitaka any amin'ireo ivon-toerana Fitrama any amin'ny faritra. Nanamafy anefa Andriamatoa Jean Nirina Rafanomezantsoa, fa manaraka ny fepetra ara-pahasalamana avokoa ireo fitaovana sy ny efitrano itoeran'ny fanafody miaraka amin'ny mpiasan'ny fahasalamana, izay manatanteraka izany. Ankoatra izany dia nilaza ny Tale Jeneralin'ny orin'asa Fitrama, fa mijoro ara-dalàna ny Orin'asa Fitrama (manana NIF sy mandoa Patanty) ary manaraka ny lalàna mifehy ny tontolon'ny fahasalamana. Nanohy nanazava izy fa mpikambana eny anivon' ny MNTM, izay fivondronambem-pirenen'ny mpitsabo nentim-paharazana eto Madagasikara ny Orin'asa Fitrama, no sady manaraka ny Etika sy ny Deontolozia amin'ny maha Mpitsabo nentim-paharazana. Tsy tokony hifanaratsy ny mpitsabo, hoy ity Talen'ny Orin'asa Fitrama ity ary mihodina foana ity orin'asa ity na tsy mpikambana ao anatiny aza i Dokotera Rakotondranaivo Jean Pierre, izay efa noesorina. Vonona hanome fitsaboana mendrika ho an'nympanjifa ny Orin'asa Fitrama, no sady manaja ny tsiambaratelon'ny marary ary sahy hifaninana amin'ireo fikambanana izay misehatra amin'ity tontolon'ny fitsaboana nentim-paharazana ity.

Manara-dalàna, ireo fanafody vokarin'ny Fitrama.

Razakambelo Franck

Raharaham-pirenena

Ny fanjakan'ny Tsimatimanota no mampisy ny Matitsimanota

Voambolana faheno matetika ny "tsimatimanota", raha tsorina ny dikany ara-bakiteny dia ilazana ireo olona nahavanondoza , kanefa afa-maina na mbola nomena rariny mihitsy aza, fa ny "matitsimanota" kosa tsy mahazatra ny sofina ny mandre azy, kanefa misy dia misy dia ireo niharam-pahavoazana noho ny heloka tsy nataony na vokatrin'ny hagaigen'ny hafa.

Lohalaharana tamin'ny heloka vita teto amin'ny firenena ny zava-nitranga tamin'ny taona 2009, dia ny fakana fahefana tsy tamin'ny alalan'ny fifidianana, fa nampiasana fitaovampiadiana sy mpitandro filaminana nanani-dapa , vita ho azy ireny fihetsika mamohehitra ireny kanefa dia mbola mamela takaitra hatramin'izao. Ireo "tsimatimanota" no nahavita izany ary ny Filoha Ravalomanana tompon'ny fahefana ara-dalàna nesorina tamin-kery no azo antsoina hoe "matitsimanota".

Ny 26 Janoary mbola tamin'ny 2009 ihany, nisy ny "Alatsinainy maizina" nandoran'ireo tsy mataho-tody ny vako-pirenena sy ireo fananan'olontsotra, nataon'ireo "tsimatimanota" ary ireo rava fananana mazava ho azy no "matitsimanota".

Ny 7 febroary mbola tamin'ny 2009 ihany koa, fatiolona mikararàna no niseho teny Ambohitsorohitra, vokatrin'ny fitondrana vahoaka nanani-dapa natao sorona , ireo " tsimatimanota" efa mahazatra ihany no tompon'antoka ary ireo vahoaka tsy manan-tsiny voafitaka no "matitsimanota".

Nitondra nandritra ny dimy taona , ireo mpandroba fahefana, mitovy amin'ny fotoampiasan'ny filoha voafidy ara-dalàna, nisintaka kely niala teo amin'ny fitondrana dia niverina indray ny taona 2019, taorian'ny fifidianana, izay iarahamahalala ny fisian'ny hosoka isan-karazany, mbola vao mainka nihoa-pampana ny tsy rariny nataon'ireo "tsimatimanota", ka nizaka ny tsy eran'ny aina na ireo mpifanandrina politika hatramin'ny vahoaka tsy miaina amin'izay politika akory. Nitohy tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka sy Ben'ny tanàna ny hosoka fanaon-dry "tsimatimanota" rehefa fifidianana.

Fa mampiteny ny moana ary mampitampim-bava ireo vavàna ny nataon'ireo mpambotry firenena, izay nanararaotra ny fisian'ny aretina "coronaviriosy".

Teny am-piandohana , ny Talata 10 Martsa 2020 dia niantso ny fitondrana ny Filoha Ravalomanana hanidy ny sisintany hisakanana ny fidiran'ny valan' aretina, kanefa be marenina sady bevava ireo "tsimatimanota" ary nanambara fa tsy mafy noho ny pesta hono, tsy zakan'ny toekarena hono izany fanidiana izany ary tsy nasiana lanja ilay hafatra satria hevitra avy amin'ny mpanohitra, ny vokany dia tafiditra teto Madagasikara ny "coronaviriosy", tsy lavorary ny fitsaboana ary tsy araka ny tokony ho izy ny fitsinjovana ireo vahoaka sahirana dia io iaraha-mahita io, fa anjatony ny nodimandry ary an'aliny no mitondra ny otrik' aretina, ireo tra-pahavoazana ireo dia azo sokajiana ho " matitsimanota" ihany koa.

Manginy fotsiny ny fanararaotana nataon'ireo ministra samihafa toy ny "raharaha bonbon sucette", ny famoahambola tsy mazava momba ilay " colisée de la honte", ny " ecran plat" ,sns… Ny vokatr'izany, ny minisitry ny fanabeazampirenena nesorina teo amin'ny toerany dia tsy nisy tohiny ny resaka, ny minisitriny ny kolontsaina sy ny minisitrin'ny atitany dia naverina soa amantsara tamin'ny toerany satria tsimatimanota, fa ny minisitriny ny fahasalamana nanao ny asany tamim-pahamendrehana nesorina tamin' ny toerana , mbola endrikin'ny matitsimanota izany.

Ny tantara dia mbola mitohy hoy ny hiran'ny mpanakanto, tsy maintsy misy ny farany, ka ireo matitsimanota dia hiaina ilay voalazan'ny soratra masina manao hoe;" fa sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana, fa azy ny fanjakan'ny lanitra" ary ireo namoy aina tsy fidiny dia mendrika azy ny hoe: "sambatra izay maty ao amin' ny tompo", f'ireo tsimatimanota mihevitena ny tsy ho tratrin'ny aloka dia sahaza azy ny hoe" ny fahafatesana no tambin'ny ota".

Ny Valosoa

Fampianarana Ambaratonga Ambony

Tsy misy resaka ny amin'ny fisokafan' izy ireo

Tao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana efa ho 5 volana mahery izao, dia nikatona tanteraka ireo sekoly ambony, na miankina amin'ny fanjakana na tsy miankina. Ireo sekoly amin'ny ambaratonga voalohany sy faharoa ary ny lisea, sy indrindra ireo kilasy hiatrika fanadinana no voaresaka matetika sy iadian-kevitra be, fa ny momba ireo sekoly ambony kosa zary adino. Nisy ihany tomponandraikitry ny sekoly ambony maromaro niseho sy naneho ny heviny ny amin'ny tokony hijeren'ny fitondram-panjakana azy ireo volana vitsivitsy lasa izay, kanefa toy ny antso an-tany efitra ihany izany. Zary nangingina taorian'izay ny momba ny sekoly ambony tsy miankina. Ny tsikaritra, samy nitady hevitra ny amin'izay ahafahana farafahakeliny izay azo atao ny sekoly ambony tsy miankina, toy ny fidirana amin'ny fampiasana ny teknolojia môderina amin'ny fanaovana fampianarana ampitain-davitra. Mazava loatra, fa voafetra ihany ny fahafahana tanteraka mampiasa izany satria tsy sarambabem-bahoaka no afaka manao izany. Voafetra araka izany ihany koa ny fivahan'ny olana sedrain'izy ireo, ary zara raha afaka mihodina sy manao ny sahanasany mampiavaka azy tsirairay. Mbola ao anaty fahasahiranana araka izany ireo tomponandraikitra sy ny mpampianatra ary ny mpandraharaha mpisehatra ao anatin'izy ireny.

Tamin'ny alahady teo, nandritry ny resaka natao'ny filohan'ny Repoblika, dia tsy nisy resaka mihitsy momba ny amin'ny sekoly tsy miankina. Efa ela ihany anefa izay no tsy nisokafan'ny sekoly sy nianaran'ireo mpianatra mivantana manaraka ny fianarana rantoviny. Tsy ny sekoly ambony tsy miankina ihany no iantraikan'ny fahavoazana amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao, fa ny mpianatra sy ny ray aman-dreny ihany koa.

Radafy

Ny Oniversiten'Antananarivo, eny Ankatso.

JIRAMA

Nisy ny fahatapaha-jiro faobe tamin' ny tambazotra iraisan'Antananarivo

Nisy ny fahatapahan-jiro faobe tamin'ny tambazotra iraisan'Antananarivo omaly, teto an-drenivohitra. Manoloana izany, nisy ny fanambarana avy amin'ny orinasa JIRAMA : misy tsy fahatomombanana ny vondrom-pihary herinaratra maromaro ao amin'ny tobimpamokarana herinaratra ao Andekaleka, ka mahatonga fahatapahan'ny famatsiana herinaratra eto amin'ny tambazotra iraisan'Antananarivo. Efa an-dalampanarenana ny ekipa teknikan'ny JIRAMA, ka efa miverina tsikelikely ny herinaratra amin'izao fotoana izao. Marihina fa ny fahatapahan-jiro tahaka izao dia misy fiantraikany amin'ny famatsian-drano satria tsy mandeha ihany koa ny milina mpampiaka-tosika. Ny JIRAMA dia maneho ny fialan-tsiny nohon'ny fanelingelenana aterak'izany ary mankasitraka ny faharetan'ny mpanjifany, arak'ity fanambarana nataon'izy ireo ity.

Aly

Ny foiben-toeran'ny orinasa JIRAMA etsy Ambohijatovo.